



REPUBLIKAN'NY MADAGASIKARA

Filoha - Tan-drindrina - Fiarahaonana

MINISTÈRE DE L'ÉCONOMIE ET DES FINANCES

# RAKIBOLANA FANDIKAN-TENY TEKNIKA EKONOMIKA SY ARA-BOLA

Frantsay-Malagasy



DICTIONNAIRE DE TRADUCTION  
TERMES TECHNIQUES ECONOMIQUES ET FINANCIERS  
Français-Malgache

**TSY AZO AMIDY**

## **PREFACE**

Dans un contexte international qui ne cesse d'évoluer, le champ sémantique dans les domaines de l'économie et des finances s'enrichit de jour en jour. Ainsi de nouveaux termes et expressions naissent afin de communiquer, de partager et d'expliquer des activités de plus en plus complexes et interconnectées.

Madagascar, en particulier la langue malgache, se doit de s'adapter à cette réalité pour mieux communiquer avec sa population. En effet, il n'est sûrement pas aisé d'utiliser des mots et expressions complexes tels que « Lobbying » ou « Grille indiciaire » à une population malgache qui est fière d'utiliser activement sa langue maternelle dans la vie quotidienne.

Le Ministère de l'Economie et des Finances de Madagascar, en tant que principal acteur économique et financier du pays, a décidé de concevoir, grâce aux aides et appuis de ses différents départements, un *Dictionnaire de traduction Français-Malgache des termes économiques et financiers* les plus communément utilisés. Cet outil permettra de faciliter, non seulement la rédaction des documents officiels, mais aussi les communications et partages aux médias et réseaux sociaux.

Cet ouvrage n'est pas parfait et n'est certainement pas figé, des mises à jour seront probablement nécessaires à l'avenir, vu la constante évolution des vocabulaires économiques et financiers. Aussi nous encourageons tous les agents du Ministère à contribuer à l'enrichissement de notre langue. Même si nous n'atteindrons pas la perfection, nous y cheminons.

Nous adressons nos vifs remerciements à tous les Départements, Directions et Services ainsi qu'à chaque acteur qui ont contribué à l'élaboration de ce Dictionnaire. Nous espérons que cet outil sera un maillon essentiel pour unir Madagascar dans une langue unique et préserver ses valeurs fondamentales.

**TENY FANOLORANA**

Tsy mitsaha-mivoatra ny teny sy ny voambolana fampiasa, na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena aza. Miha-mitombo araka izany ny eo amin'ny sehatry ny toekarena sy ny fitantanam-bola ; teny sy fomba fiteny vaovao hatrany no foronina mba hifandraisana, hifampizarana ary hanazavana ireo asa aman-draharaha izay mihasarotra sy miha-mifamatotra foana.

Mba hanatsarana ny serasera sy ny fifandraisana amin'ny vahoaka sy ireo mpila raharaha eto amin'ny Minisitera, dia tsy maintsy manaraka izany fiovana sy fivoarana izany isika. Ahoana ohatra no handikana ny teny hoe « Lobbying » na « Grille indiciaire » amin'ny teny malagasy?

Araka izany dia nanapa-kevitra ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, miaraka amin'ny fanampiana sy fanohanan'ireo departemanta ao aminy, ary amin'ny maha tompon'andraikitra voalohany azy eo amin'ny sehatry ny toekarena sy ara-bola eto amin'ny firenena, ny hamolavola *Rakibolana fandikan-teny Frantsay-Malagasy ireo teny ara-ekonomika sy ara-toekarena* fampiasa. Ity fitaovana ity dia hanamora ny fandrafetana ireo antontan-taratasy ofisialy, ny fifandraisana sy ny serasera amin'ny haino aman-jery sy tambajotra sosialy.

Tsy maintsy hisy ny fanavaozana azy any aoriana any, noho ny fivoaran'ny voambolana ara-toekarena sy ara-bola. Araka izany dia entanina hatrany ny mpiasan'ny Minisitera rehetra mba handray anjara mavitrika amin'izany asa lehibe izany.

Eto am-pamaranana dia isaorana ireo Departemanta, ireo Foibem-pitondrana, ireo Sampan-draharaha ary ireo mpisehatra rehetra izay nandray anjara tamin'ny famolavolana ity Rakibolana ity. Manantena izahay fa ho rohy hampiray an'i Madagasikara amin'ny alalan'ny tenin-drazany ity boky ity ary hanandratra hatrany ny soatoavina Malagasy.

**TABLE DES MATIERES/FIZAHAN-TAKELAKA**

<b>A</b> .....	6
<b>B</b> .....	38
<b>C</b> .....	48
<b>D</b> .....	97
<b>E</b> .....	125
<b>F</b> .....	145
<b>G</b> .....	155
<b>H</b> .....	161
<b>I</b> .....	163
<b>J</b> .....	179
<b>K</b> .....	181
<b>L</b> .....	182
<b>M</b> .....	190
<b>N</b> .....	206
<b>O</b> .....	209
<b>P</b> .....	219
<b>Q</b> .....	253
<b>R</b> .....	257
<b>S</b> .....	283
<b>T</b> .....	304
<b>U</b> .....	316
<b>V</b> .....	319
<b>Z</b> .....	326
<b>REMERCIEMENTS/FISAORANA</b> .....	328

# A

**(S') approprier**

**A bord**

**A but lucratif**

**Abroger**

**Absorber**

**Abstention**

**Abus**

**Abus de droit de propriété**

**Abusif**

**Accaparé**

**Acceptation**

**Accepter**

**Accès**

**Accès à distance**

**Accès au financement**

**Accès restreint**

**Accessible**

**Accessoire(s)**

**Accessoires de toute nature**

**Accident**

Mirotsaka ho tompon-draharaha

Anaty, an-tsambo

Atao fitadiavam-bola

Manafaoana, manatsoaka

Mitroka, mitsentsitra, mifoka,  
mitelina, mandany fitelemana,

fandaniana, tinady anatinany,  
fanararaotana, fanamparana

Tsy fandraisana anjara,  
fisalasalana, fifadiana

Fanamparana, fanararaotana,  
tafahoatra ny antonony, tafahoatra  
ny tokony ho izy

Fanaparan-jo amin'ny maha  
tompom'ny fananana

Tafahoatra ny tokony ho izy,  
mihoatra ny tokony ho izy, mitory  
fanararaotana

Voafandrika

Fankatoavana, fanekena

Mandray, manaiky, mankatoa

Fidirana, lalana

Fidirana avy lavitra

Fahazoana famatsiana

Fidirana voafetra

Azo aleha, azo idirana

Forongo, kojakoja, fanampiny

Kojakoja isa-karazany

Loza, sampona, zavatra tsy  
nampoizina, voina

<b>Accident de travail</b>	Loza (voina) vokatry ny asa
<b>Acclamé</b>	Akoraina
<b>Acclimatation</b>	Fanazaran-tany, akoralava
<b>Acclimaté</b>	Za-tany
<b>Accompagnement</b>	Fanampiana, fiarahana manao
<b>Accompagner</b>	Manaraka, manotrana
<b>Accomplir</b>	Manatontosana, manatanteraka
<b>Accomplissement</b>	Fahatontosana
<b>Accord</b>	Fifanarahana, fifanekena
<b>Accord bilatéral</b>	Fianarahana roa lafy
<b>Accord de coopération</b>	Fifanekem piaraha miasa
<b>Accord de crédit</b>	Fifanarahana fampisamboram-bola
<b>Accord de financement</b>	Fifanekena ara-pamatsiam-bola
<b>Accord de projet</b>	Fifanarahana fanatanterahana tetikasa
<b>Accord de volonté</b>	Fifanekena an-tsitra
<b>Accord direct (PPP)</b>	Fifanarahana mivantana
<b>Accord ministériel reçu</b>	Fahazahoana ny fankatoavan'ny Minisitra
<b>Accord multilatéral</b>	Fifanarahana maro lafy
<b>Accord préalable</b>	Fanekena mialoha, fifanekena mialoha
<b>Accord subsidiaire</b>	Fifanekena lefitra
<b>Accord-cadre</b>	Fifanarahana lasitra
<b>Accréditation</b>	Fanomezam-pahefana
<b>Accréditer</b>	Manome fahefana, manendry masoivoho, manendry (ambasadaoro)
<b>Accroissement</b>	Fitomboana fanitarana, fihitarana, fampitomboana
<b>Accroissement de capital</b>	Fitomboan'ny renivola
<b>Accroître</b>	Mampitombo, manitatra
<b>Accroupie</b>	Mitalapetraka, mitorovoka
<b>Accumulateur (véhicule)</b>	Tobin'aratra(fiarakodia), mpanangona araka aratra

**Accumulation****Accumulation d'arriérés****Accumulation du capital****Accumulation sur tirages****Accumulations antérieures****Accumulations d'intérêts****Accumulations d'arriérés****Accumulations d'intérêts extérieurs****Accumulations intérieures****Accumulations sur tirages****Accumuler****Accusé de réception****Accuser****Achat public****Achats****Acheminement****Achévé****Achèvement****Achever****Acompte(s)**

Antontany, fanangonana,  
fivangongoana, tongoa, longoa,  
fiavosana

Fiavosana na fivangongoana vola  
sisy tsy voaloha

Fivangongoan'ny renivola

Vangongom-bola tsy voasarika

Vangongon-trosa anaty

Vangongon-janabola

Vangongon-trosa, vary  
mangatsiaka, tongoan-trosa tsy  
voaloha

Vangongon'ny zana-bola avy  
amin'ny trosa ivelany

Vangongon-trosa anatin'ny,  
vangongom-bola anatin'ny

Vangongom-bola tsy voasarika

Mangorona

Taratasy porofo fa voaray,  
fanamarinam-pandraisana,  
taratasy manamarina ny  
nandraisana

Miapanga

Fividianana ataon'ny fanjakana

Fividianana

Mandefa ilàlana, fizotra

Voafefa, vita

Famitana, famaranana

Manefa, mamita

Aloa mialoha, ampahan-ketra,  
ampaham-bola aloa mialoha,  
lefalany, haba aloa mialoha, vola  
ampahany aloa mialoha,  
ampaham-bola efaina mialohavola  
aloha mialoha, petra-bola,  
fandoavana mialoha



**Acomptes provisionnel(s)****Acquérir****Acquis****Acquisition****Acquisition de connaissance****Acquit à caution****Acquitté****Acquittement****Acquitter****Acte****Acte administratif****Acte constatant partage (bien, dividende)****Acte d'incorporation de réserve ou de bénéfice au capital****Acte de banditisme****Acte de cession****Acte de décès****Acte de déloyauté****Acte de divorce****Acte de mariage****Acte de naissance****Acte de notoriété****Acte de poursuite****Acte de reprise****Acte de subrogation commerciale**Ampaham-bola fiandry arotsaka  
mialoha

Maka

Efa azo, voavidy

Fihariana, fanangonana,  
fividianana, zavatra novidiana  
/zavatra azo/fahazoana

Fandrantoana fahalalana

Filazana omban'antoka

Afaka

Fanafahana, fahafahana, fanefana

Manafaka, manefa

Sora-panekena, didy, taratasy ara-  
panjakana didy, fanapahana  
Sora-panjakana, taratasy ara-  
panjakanaTaratasy maneho fizaram-  
pananana (fananana, anjara vola)Taratasy fampidirana ny an-tratra  
na ny tombom- barotra ho  
amin'ny renivola, taratasy  
fampidirana ny tombom-barotra

Asan-jiolahy, asan-dahalo

Taratasim-pamindrana

Kopian' ny sora-pahafatesana

Asa ratsy

Kopian'ny fisaraham-  
panambadiana

Kopia sora-panambadiana

Kopia sora-pahaterahana

Fanamarinana maha mpandova

Taratasim-panenjehena

Asa fitakian- ketra

sora-panekena momba ny  
fanoloana ara-barotra

**Acte de tutelle**

Didim-pitsarana manambara ny fiahiana, sora-piahiana

**Acte délictueux**

Tranga hisian'ny heloka tsotra

**Acte d'engagement**

Sora-panekena anaovana fandraiketana

**Acte d'Etat Civil**

Sora-piankohonana

**Acte d'incorporation de réserve ou de bénéfice au capital**

Taratasy fampidirana ny an-tratra na ny tombom- barotra ho amin'ny renivola

**Acte formaté****Acte innommé**

Asa tsy voafaritra anarana

**Acte préjudiciable**

Hetsika miteraka fahavoazana

**Actes codifiés**

Taratasy mirakitra momban'ny mpiasam-panjakana voamarika Taratasim-pamindrana

**Actes de cession**

Sora-panekena sy ny taratasy rehetra.

**Actes et pièces**

Taratasy fakan-tahaka

**Acte-type****Acteur**

Mpiatrik'asa, mpian-tsehatra, mpisehatra, mpandray anjara

**Acteur budgétaire**

Mpikirakira volam-panjakana (mpisehatra amin'ny fitantana-mbola)

**Acteur de développement**

Mpiatrik'asan'ny fampivoarana, mpisehatra eo amin'ny lafiny fampandrosoana

**Acteur potentiel**

Mpiatrika asa vinavinaina, mpikatroka mahomby

**Acteur privé**

Mpisehatra eo anivon'ny sehatra tsy miankina

**Acteur public**

Mpisehatra eo anivon'ny Fanjakana

**Acteurs**

Mpiantsehatra

**Acteurs budgétaires**

Mpisehatra mikasika ny teti-bola

**Actif**

Fananana, enti-mihetsika, enti-miasa, fananana, amperinasa, mavitrika, vola enti-mihetsika

**Actif (molécule)****Actif financier****Actif immobilier****Actif mobilier****Actif non financier****Action****Action (Pae)****Action à conduire****Action concrète****Action de reprise****Action Douanière****Action économique****Action phare****Action prioritaire****Action publique****Action réaliste****Action sociale****Actionnaire****Actionnaires minoritaires****Actionnariat****Actions (titre)****Actions pénales****Activité****Activité de production****Activité économique****Activité génératrice de revenu**Mananjina, manana asa  
manasitrana

Fananana ara-bola

Enti-mihetsikamitoetra

Enti-mihetsikamanaraka

Fananana tsy ara-bola

Hetsika, petrabola, lahasa, fiasa  
(simia), asa, hetsika, lahasa,  
ampahan-drenivola, fiasa, asa,  
hetsika, petra-bola, ampahan-  
drenivola

Lahasa (pae)

Hetsika mila hatao

Hetsika mivaingana

Asa fitakian-ketra

Asan'ny fadintseranana

Fampiroboroboana ara-toekarena

Hetsika fanilo

Hetsika laharam-pahamehana

Hetsika ho an'ny fanjakana, ho  
an'ny be sy ny maro

Hetsika afaka tanterahina tsara

Asa sosialy

Tompon'ampahan-drenibola,  
tompom-petrabolaMpikambana iray avy amin'ny  
tompon'ny petrabola madinika

Fitompon'ampahan-drenivola

Am-pahan-drenivola, petrabola

Ady heloka

Asa, asa aman-draharaha, lahasa,  
hetsika, raharahaAsa famokarana, Iahasam-  
pamokarana

Lahasa fihariana

Asa fihariana

**Activité lucrative****Activité principale****Activité rémunératrice****Activité secondaire****Activités****Activités après-vente****Activités Courantes SSCVA****Activités d'encadrement****Activités économiques réelles****Actuaire /experts d'assurance****Actuaire indépendant****Actualisation****Actualiser****Actuarielle****Adduction d'eau****Adéquate****Adéquation****Adéquation (en)****Adéquation formation-emploi****Adhérent****Adhésion****Adjoint****Adjudicataire****Adjudication****Admettre**Asa fitadiavam-bola, asa  
ahazoambola

Lahasa fototra

Lahasa andraisam-bola

Saikin'asa, vadin'asa

Lahasa /asa aman-draharaha

Asa aman-draharaha aorian'ny  
varotra

Asa andavanandron'ny SSCVA

Asa fanohanana

Asa fihariana marina

Matihanina amin'ny kajy ara-  
piantohanaMatihanina amin'ny kajy ara-  
piantohana mahaleo-tenaFisandana hifanaraka amin'ny  
toetrandro,Mananda hifanaraka amin'ny  
toetrandro

Mikasika ny kajy ara-piantohana

Fitarihan-drano, fampidiran-drano

Sahaza, mifanaraka

Fampifanentanana

Mifanaraka

Fampifanentanana ny fiofanana  
amin'ny asa.Mpikambana, mpirotsaka ho  
mpikambana

Firotsahana, fidirana, fiandania

Lefitra, fanampiny, manampy

ny naharaiki-barotra, ny mpividy

nahazo ny entana amin'ny lavanty

Fanomezana amin'alalan'ny

tobidy, lavanty

Manaiky, mandray

**Administrateur**

Mpitondra, mpiandraiki-draharaha, mpitantandraharaha, mpitantan-draharaha

**Administrateur délégué**

Mpiandraiki-draharaha mpanampy

**Administration**

Fitondrana, fanjakana, fitondrampanjakana, fampandehanan-draharaha, fandraharahana fitantanana-draharaham-panjakana manakaiky vahoaka

**Administration de proximité****Administration des Douanes**

Fitondran-draharahan'ny fandintseranana

**Administration et coordination**

Fitantanana sy fandrindrana

**Administration fiscale**

Fandraharahana momba ny hetra, fandraharahana ny hetra, fiadidiana ny hetra, fandraharahana ara-ketra

**Administration forestière**

Fitantanana ny ala

**Administration territoriale**

Fiadidiana ny lafin-tany

**Administrative**

Fitantanana-draharaha

**Admis**

Afaka, ekena

**Admission**

Fandraisana

**Admission en franchise**

Fampidirana'ntana tsy andoavan-ketra, fampidirana tsy andoavan-ketra

**Admission en non-valeur**

Fanafoanan-ketra

**Admission temporaire**

Fampidirana'ntana tsy andoavana fadin-tseranana avy hatrany, vonjimaika

**Adopter**

Manaiky, manaraka, manangana, mankatoa fonenana, mandany

**Adoption**

Fankatoavana, fandaniana, fananganan-jaza, fisafidianana

**Adresse**

Fonenana, adiresy

**Adroit**

Havanana

**Adroit Aéroport**

Havanana, seranampiamanidina

**Adultère**

Fanitsakitsahan-tokantrano

**Aérodrome, aéroport**

Seranam-piamanidina

<b>Affacturage</b>	Fividianana lazam-bidy
<b>Affactureur</b>	Mpividy lazam-bidy
<b>Affaire</b>	Raharaha
<b>Affaire courante</b>	raharaha miverimberina, raharaha fanao mahazatra
<b>Affaire judiciaire</b>	Raharaham-pitsarana, raharaha araka ny lalàna
<b>Affaire taxable</b>	Raharaha anefana haba na voan'ny haba, raharaha andoavan-kaba
<b>Affaires courantes</b>	Fampandehanan-draharaha andavanandro
<b>Affaires Etrangères</b>	Raharaham-bahiny
<b>Affaïsement</b>	Filetsena, fijetsena
<b>Affaïser</b>	Miletsy
<b>Affectation</b>	Famindran-toerana, fanokanana, fandefasana mpiasam-panjakana mankany ivelany
<b>Affectation des ressources</b>	Fanokanana voafaritra ny loharanom-bola
<b>Affectation des résultats</b>	Fanokanana ny tombon-barotra, fanokanana ny vokatra
<b>Affectation du produit de la taxe</b>	Fanokanana ny vokatry ny haba
<b>Affecté</b>	Nafindra toerana, voatokana
<b>Affermage</b>	Fanofana tany
<b>Affichage</b>	Fametahanapetadrindrina
<b>Affiche</b>	Peta-drindrina
<b>Affilié</b>	Mifandray, mpikambana
<b>Affilier</b>	Mampifandray
<b>Affilier(s')</b>	Miditra ho mpikambana
<b>Affinité</b>	Fifanarahan-toetra, fifandrifian-toetra
<b>Affirmation</b>	Fanizingizina, filazana
<b>Affirmer</b>	Milaza, manizingizina
<b>Affluent</b>	Sampandrano
<b>Affluer</b>	Mitobaka

**Affranchir****Afrique, Caraïbes, Pacifique****Agave****Agence****Agence de Microréalisation pour le Développement****Agence de voyage****Agence d'exécution****Agencement****Agencer****Agenda fiscal****Agent****Agent chargé du Recouvrement****Agent comptable****Agent d'affaire****Agent de développement****Agent de distribution****Agent de l'Administration fiscale****Agent de poursuite****Agent décédé en activité****Agent économique**

Manafaka, manefa hetra, mandoa haba, manisy haja

Vondron'ny firenena aty Afrika, Karaïba, Pasifika

Taretra

Tsanganasa, masoivoho

Rantsana ho an'ny fotodrafitrasa madinika momba ny fampandrosoana

masoivoho misahana ny fitaterana mpandeha

Sampan-draharaha mpanatanteraka

Fandaminana, rindran-damina voasaina, firindran-kevitra, fitsirihana toerana hivarotana zava-pisotro misy alikaola

Mandamina, mandahatra

Diarin-ketra

Mpiasa

Mpiandraikitra ny famorian-ketra

Mpitankaontinny tahirinbolanpanjakana

Mpanalalan-draharaha

Mpanentam-pivoarana

Mpandraharaha misahana ny fizaràna ny vola elektronika

Mpiasan'ny fandraharahana momba ny hetra

Mpanenjika fampidiran-ketra

Mpiasa maty am-perin'asa

Mpandraharaha ara-toe-karena, mpandray anjara amin'ny asam-pihariana, mpiasa eo amin'ny sehatry ny fihariana

**Agent non-encadré de l'Etat**

Mpandraharaha tsy tafiditra ao anatin'ny efi-draharaham-panjakana

**Agent percepteur**

Mpitaky hetra

**Agent public**

Mpiasam-panjakana

**Agent recenseur**

Mpiandraikitra ny fanisana entana

**Agents Fiscaux**

Mpiasan'ny hetra

**Agents généraux**

Mpandraharaha foibe

**Agents répressif(s)**

Mpandraharaha mpanenjika ny fandinkan-dalàna, mpandraharaha mpisakana ny fandikan-dalàna Tanàna, fidadasiky ny tanàna, vangongon-tanàna

**Agglomération**

Mampitangorona

**Agglutiner**

Fihomboana, fiharatsiana, fihamafisana(olana)

**Aggravation**

Mampitombo, manitsoka, miharatsy, mihasiniba

**Aggraver**

Kinga, mailaka

**Agile**

Hakingana

**Agilité**

Saram-banky

**Agio**

Fanalehibiazana, flhitarana

**Agrandissement**

Ekena, nahazo fankatoavana

**Agréé**

Miombon-kevitra, mankatoa, manaiky

**Agréer**

Tondrofaoka

**Agrégat**

Tondrofaokan-karifaobe, tondron'ny toekarena amin'ny ankapobeny

**Agrégat macro-économique**

Tondrofaoka momba ny vola, fitambarana vola

**Agrégats monétaires**

Fanekena, fankatoavana, fahazoan-dalana

**Agrément**

Famelezana, fietraketrahana

**Agression**

Fambolena

**Agricole**

Mpamboly

**Agriculteur**

Fambolena

**Agriculture**



**Agriculture et Elevage****Agro-alimentaire****Agroforesterie****Agrologie****Agronomie****Aide****Aide au développement****Aide et projets****Aide financière****Aide-mémoire****Aides génératrices de Fonds de contre-valeur****Aimant****Air****Aire****Aire de jeux****Aire protégée****Aisé****Ajournement****Ajustement****Ajustement structurel****Autour****Alevin****Alevinage****Algèbre****Aliénable****Aliénation****Aliénation immobilière****Alignement**

Fambolena sy fiompiana

Indostria ara-tsakafo

Fambolena sy fitrandrahana hazo fihinam-boa

Fahalàlana ny tany ambolena

Fahaizana momba ny fambolena sy fiompiana

Fanampiana (amin'ny asa), fanohanana

Fanampiana amin'ny fampandrosoana

Fanampiana sy tetikasa

Fanampiana ara-bola

Tahiriritadidy

Fanampiana avy any ivelany natokana havadika vola

Andraimby

Rivotra

Velarana, faritra, vala

Toeram-pilalaovana

Faritra voaaro, valan-java-boahary voaaro

Mahatakatra, mpanana, miadana, mora

Fampihemorana

Fanitsiana

Fanitsiana ara-drafitra

Manodidina

Zana-trondro

Fiompiana zana-trondro

Alijebra

Azo afindra

Famindran-tompo, famotsorana fitompoam-pananana, fatotra, geja

Famotsorana fananana mifaka

Asa fanitsiana

<b>Aligner</b>	Mandahatra
<b>Alimentation équilibrée</b>	Sakafo manara-penitra
<b>Alinéa</b>	Andalana
<b>Alinéa in fine</b>	Andalana farany
<b>Allègement</b>	Fanalefahana, fanamaivanana, fampihenana
<b>Allègement des procédures</b>	Fanamaivanana ny fomba fiasa
<b>Aller à l'envers</b>	tsy mandeha amin'izay laoniny, tsy mandeha amin'ny tokony ho izy
<b>Allocation</b>	Vatsim-bola, vola omena, tolotra, vatsy
<b>Allocation des ressources</b>	Tolotra ho enti-manana
<b>Allocation des risques</b>	Fitsinjarana ireo tataom-pahavoazana
<b>Allocation d'études</b>	Fanampiana amin'ny fianarana
<b>Allocations de voyage</b>	Fanomezambola amin'ny fivahinianana
<b>Allotissements des marchés</b>	Fitsinjirana ny fifampiraharaham-barotra
<b>Allotissements des marchés</b>	Fitsinjarana ho ampahany ny tsenambaro-panjakana
<b>Alluvion (terrain alluvionnaire)</b>	Baibofo
<b>Alphabétisation</b>	Fampianarana mamaky teny sy manoratra
<b>Altitude</b>	Haambo, hamboasana
<b>Ambassade</b>	Ambasady, masoivohom-pirenena
<b>Ambiance festive</b>	Volon'andro fety
<b>Amélioration</b>	Fanatsarana, fihatsarana
<b>Aménagement</b>	Fanajariana, fanamboarana, fampanjariana
<b>Aménagement de crédit</b>	Famindrana sorabola anaty fandaharan'asa
<b>Aménagement de l'espace</b>	Fanajariana ny velaran-tany
<b>Aménagement du territoire</b>	Fanajariana ny tany
<b>Amende</b>	Lamandy, sazy vola
<b>Amende fiscale</b>	Sazin-ketra

**Amendement****Amender****Amendes comptables****Amiable (à l')****Amnistie****Amnistie sur requête****Amont****Amortissement (emprunt)****Amortissement dégressif****Amortissement (Immobilisation)****Amortissement(s)****Amortissements dus (emprunt)****Ample****Ampliataire****Analogie****Analogue****Analphabète****Analyse****Analyse Comparative****Analyse de Données****Analyse de Valeur****Analyse des Risques****Analyse d'Impact du projet**

Fanitsiana, fanovàna nasosoka

Manitsy

Sazy vola takiana teo amin'ny fitantanam-bola voamarina fa nisy fahadisoana nataon'ny mpiasam-panjakana

Atao raharaham-pihavanana

Famotsoran-keloka

Famotsoran-keloka noho ny fangatahana

Ambony, Am-piandohana

Letsin-trosa, famerenana,

Famerenan-trosa

Fanavotam-bidy mihena an-dalana

Fahaverezan-bidy

Fanavotam-bidy, famerenana ny lany, fihenandanja, letsin-trosa

Fanefan-trosa

Malalaka, betsaka

Omena sosony

Fitoviana, fifanahafana, fifandraikana

Mifanahaka, mifandraika, mitovy

Tsy mahay mamaky teny sy manoratra

Famakafakana, fijerena ifotony, fandalinana, fanadihadiana

Famakafakana ho fampitahana

Famakafakana, famakafakana ny tarehimarika, famakafakana angona

Famakafakana ny sandan'entam-barotra

Famakafakana ny endriky ny hosoka

Famakafakana ny fiantraikan'ny tetik'asa

**Analyse économique****Analyse financière****Analyse transactionnelle****Anarchique****Ancêtre****Ancien****Ancienneté****Ancienneté (deux ans d'...)****Animateur****Animer****Année****Année budgétaire****Année en cours****Annexe****Annonce****Annonce légale****Annuaire****Annuaire d'échange  
d'information****Annualité****Annuel****Annuité****Annulation****Annulation de crédit****Annulation de dettes****Annulé****Anomalie****Antenne****Anticipation****Anticiper**

Fanadihadiana ara-toekarena

Fanadihadiana ara-bola,  
famakafakana ny fitantanana ara-  
bola

Famakafakana ifanakalozana

Baranahiny

Razana

Antitra, tranainy, taloha

Fotoana naharetana

Fizokiana, fahelana eo amin'ny  
asa (roa taona niasana...)

Mpanentana, mpanetsiketsika

Manetsiketsika, manentana

Taona

Taom-panantanterahana tetibola

Taona hitsahina

Tahirin-kevitra tovana, fanampiny

Filazana

Fampandrenesana araky ny lalàna

Boky fizahana adiresy

Lahatahiry, fifanakalozam-baovao

Isan-taona

Isan-taona

Faka isan-taona

Fanafoanana ny latsakemboka

Fanafoanana sora-bola

Fanafoanana trosa, famelana trosa

Voafaoana

Tsy fetezana, fahasamponana

Antenna

Famantarana mialoha,  
fanatanterahana mialohaMamantatra mialoha,  
maminavina, misoroka

**Anticonstitutionnel****Anti-Corruption****Antivirus****Aperçu****Apéritrice****Apiculture****Aplanir****Aplatir****Apogée****Appareil****Apparence****Appartement****Appel****Appel à la concurrence****Appel à manifestation d'intérêt****Appel d'offres ouvert****Appel d'offres restreint****Appel d'offres****Appel d'offres infructueux****Appel d'offres international****Appel d'offres ouvert****Appel d'offres ouvert avec  
préqualification**Mifanohitra amin'ny lalàm-  
panorenana

Manohitra ny kolikoly

Aro-tsinga manimba

Topimaso

Mpitarika fiaraha-miantoka

Fiompiana tantely

Manafisaka,

Manetry

Fotoana tena mampatanjaka na  
maha-ao anatin'ny hery

Fitaovana

Endrika ivelany

Efitrano fonenana hary fomba

Fampakarana ady any amin'ny  
fitsarana ambonyFilazana ahafantarana vidin-  
javatraAntso anehoana fahalinana, antso  
hanehoana fikasanaFitaomana hanao tolo-bidy  
misokatraFitaomana hanao tolo-bidy  
voafetra

Fitaomana hanao tolo-bidy

Fitaomana hanao tolo-bidy tsy  
nahitam-bokatraFitaomana hanao tolobidy iraisam-  
pirenenaFitaomana hanao tolo-bidy tsy  
ankanavaka, fitaomana hanao  
tolobidy misokatraFitaomana hanao tolo-bidy tsy  
ankanavaka misy fitsapana  
mialoha ny fahaiza-manao,  
fitaomana hanao tolobidy  
misokatra misy sivana mialoha

**Appel d'offres ouvert en deux étapes**

**Appel d'offres ouvert sans préqualification**

**Appel d'offres restreint**

**Appel d'offres sommaire**

**Appel Public à concurrence**

**Appel téléphonique**

**Appelé en mission**

**Appendice**

**Application**

**Application (logiciel)**

**Application des textes**

**Appliqué**

**Appliquer**

**Appointement**

**Appointer**

**Apport**

**Apport d'élément d'actif**

**Apport en nature**

**Apport en numéraire**

**Apport extérieur**

**Apport partiel**

**Apport propre**

**Apports**

**Apports en capital social**

Fitaomana hanao tolo-bidy tsy ankanavaka misy dingana anakiroa

Fitaomana hanao tolo-bidy misokatra tsy misy sivana mialoha

Fitaomana hanao tolo-bidy vaofetra

Fiantsoana tsootra hana tolo-bidy

Fitaomana ny be sy ny maro hifaninana

Antso an-tariby

Nantsoina hanatontosa iraka

Fanazavana fanampiny

Fampiharana

Rindrakajy fampiasana

Fampiharana ny rijan-teny

Mihatra

Mampihatra

Karama

Karamaina, tombohana

Tondra, anjara

Tondram-pananana enti-mihetsika, tolo-panana enti-mihetsika

Tondram-pananana

Lelavola atao tondram-pananana, vola hoentina

Fandraisana anjara avy any ivelany

Tondram-pananana amin'ampahany

Fandraisana anjara ny tena

Tondra, anjara raisina ao amin'ny tetik'asa iray

Fitondrana renivolam-pikambanana

<b>Apposer</b>	Mametraka sonia na fitomboka, fametrahana sonia na fitomboka
<b>Appréciation</b>	Tombana, fiakaran-tsanda, fihevitra
<b>Apprécier</b>	Mankasitraka, mankatelina, miaka-tsanda
<b>Appréhender</b>	Tombana, fiakaran-tsanda manahy, maridray hevitra, misamboatra
<b>Appréhension</b>	Tahotra, fanahiana
<b>Apprentissage intégré</b>	Fianarana asa mifandray tendro
<b>Approbation</b>	Fanekena, fankatoavana
<b>Approbation du bilan</b>	fankatoavana ny famintinana ny zava-bita
<b>Approche</b>	fomba fiasa
<b>Approche genre</b>	Fiatrehana miralenta
<b>Approche innovatrice</b>	Fomba fiasa hoenti-manavao
<b>Approche méthodologique</b>	Fomba fiatrehana ny fomba fiasa
<b>Approche multisectorielle/multidisciplinaire</b>	Fomba fiasa ivondronan-tsehatra, taranja
<b>Approche participative</b>	Fomba fiasa manpandray anjara ireo izay rehetra voakasika
<b>Approche pilote</b>	Fomba fiasa fanilo
<b>Approfondissement</b>	Fandalinana
<b>Approfondissement de connaissance</b>	Fandalinam-pahalalana
<b>Appropriation</b>	Fakana fananana, fitompoana, fahafahana manantanteraka
<b>Appropriation des réformes</b>	Fitompoana ny fanavaozana
<b>Approprié</b>	Lasa an'ny tena
<b>Approuver</b>	Mankatoa, fanamarinana
<b>Approvisionnement</b>	Famatsiana
<b>Appui</b>	Fanampiana, tohana, tan-tsoroka, fanohanana
<b>Appui institutionnel</b>	fanohanana ara-drafi-panjakana
<b>Appui ponctuel</b>	tohana, tan-tsoroka indray maka

<b>Appuyer</b>	Manao tantsoroka, manampy
<b>Aptitude</b>	Fahafaha-manao
<b>Apuré</b>	Voadio
<b>Apurement</b>	Fanadiovana
<b>Apurement de la situation</b>	Fandiovana ny toe-draharaha
<b>Apurement intérieur</b>	Fanilihana ny trosa anatiny
<b>Aquaculture</b>	fiompiana anaty rano (indrindra eo amin'ny resaka makamba) momba ny fiompiana na voly anaty rano
<b>Aquaculture (aquiculture)</b>	Fiompiana na fambolena anaty rano
<b>Aquicole</b>	Momba ny fiompiana na voly anaty rano
<b>Arbitrage</b>	Fanelanelanana, fitsaran'ny elanelam-panahy
<b>Arbitrage international</b>	Fanelanelanana iraisam-pirenena
<b>Architecte</b>	Tompo-mari-trano, mpanao mari-drafitra
<b>Architecture</b>	Mari-drafitra, mari-drafitrano
<b>Architecture logicielle</b>	Famoronana ango-kevitra
<b>Architecture matérielle</b>	Famoronana fitaovana
<b>Architecture réseau (infrastructure)</b>	Famoronana tambajotra
<b>Archive</b>	Tahiry, tantsoratrela
<b>Archives intermédiaires</b>	Antonta-taratasy andalan'ny ho arsiva
<b>Argent</b>	Vola
<b>Argentier</b>	Minisitry ny Vola
<b>Argument</b>	Teny enti-manamarina, teny enti-mandahatra, teny enti-mandresy lahatra, fandaharan-teny enti-mandresy lahatra, tohan-kevitra
<b>Argumentation</b>	Fandresen-dahatra
<b>Aride</b>	Karakaina
<b>Armateur</b>	Tompony na mpanofa sambo manao asam-barotra



**Armement au commerce****Armoiries****Arranger****Arrérage****Arrérage de la rente****Arrestation****Arrêt****Arrêt avant-dire-droit****Arrêt de débet****Arrêté****Arrêté d'admission à la retraite****Arrêté d'avancement****Arrêté de débet****Arrêté de dégrèvement****Arrêté de mise en position de disponibilité sans solde****Arrêté de nomination****Arrêté de reclassement****Arrêté de réintégration****Arrêté de suspension de solde****Arrêté d'équivalence**Fitompoana na fanofana sambo  
manao asam-barotraMarikampingasary sy soratra  
maneho ny filamatry ny firenena,  
marikampinga

Mandamina

Trosa sisa tsy voaloa

Vola fandoa maharitra

Fisamborana

Fanapahana

Fitsarana savaravina, didim-  
pitsarana savaravinaDidin-pitondrana manpamerina ny  
vola lanyDidim-pitondrana, dia mamoka  
izao didim-pitsarana izaoDidim-pitondrana mampitsahatra  
amin'ny asa

Didy fampisondrotana grady

Didim-pitondrana manpamerina  
ny volam-bahoaka nangalarina,  
didim-pitondrana manpamerina  
ny vola lanyDidim-pitondrana mandràra ny  
fitokonana/fikomianaDidim-pitondrana mametraka ny  
fiantoana vonjimaika amin'ny asa  
izay tsy andraisana karama noho  
ny andriakitra hafa sahanina

Didim-pitondrana fanendrena

Didy fampisondrotana sokajy

Didim-pitondrana ho famerenana  
arak'asa

Didy fampiatoana karama

Didim-pitondrana manamarina ny  
lanjan'ny filazam-pahaizana

<b>Arrêté portant virement, transfert ou aménagement de crédit</b>	Didim-pitondrana amaritana ny famindram-bola, famindrana na fanitsiana sorabola
<b>Arrêter</b>	Misambotra, mamoka "arrêté", manapaka
<b>Arrhes</b>	Vodiondrim-barotra, tsipikany
<b>Arriéré</b>	Ny sisa tsy voaloa
<b>Arriéré de paiement</b>	vola sisa tsy voaloa, vary mangatsiaka, trosa tsy voaloa
<b>Arriéré de paiement</b>	Vola tsy voaloa, trosa tsy voaloa
<b>Arriérés</b>	Fitambaran'ny trosa
<b>Arriérés des paiements extérieurs</b>	Trosa ivelany vary mangatsiaka
<b>Arrondissement</b>	Boriborintany
<b>Art</b>	Haikanto, hai-tao
<b>Art de l'animation</b>	Hai-fanomezan'aina
<b>Art d'édifier</b>	Hai fananganana orin-draha
<b>Article</b>	Andininy, lahatsoratra
<b>Article (texte)</b>	Lahatsoratra, famelabelaran-kevitra ara-tsoratra
<b>Artisan</b>	Mpanao asa tanana
<b>Artisanat</b>	Asa tânana
<b>Ascension</b>	Fiakarana
<b>Assainir</b>	Manadio, manefy ho arapahasalamana
<b>Assainissement</b>	Fanadiovana
<b>Assainissement (santé)</b>	Fikarakarana ny tanana ho arapahasalamana
<b>Assassinat</b>	Vono olona
<b>Assemblée constituante</b>	Antenimiera mpanomana lalampanorenana
<b>Assemblée générale</b>	Fivoriambe, fihaonambe
<b>Assemblée générale extraordinaire</b>	Fivoriambetsy ara-potoana
<b>Assemblée générale mixte</b>	Fivoriambe roa karazana
<b>Assemblée générale ordinaire</b>	Fivoriambe ara-potoana
<b>Assemblée Nationale (AN)</b>	Antenimieram-pirenena

<b>Assemblée plénière</b>	Fivoriana azon'ny be sy ny maro atrehana
<b>Assemblée provinciale</b>	Antenimieram-paritany
<b>Assemblée spéciale</b>	Fivoriambe manokana
<b>Assentiment</b>	Antoka, fetezana
<b>Assermenté</b>	Nahavita fianianana
<b>Asservir</b>	Manandevo
<b>Assiduité</b>	Fitozoana
<b>Assiette</b>	fototra hameran-ketra, fototra hamerana, famerana
<b>Assiette de l'impôt</b>	Fototra hamerana ny hetra
<b>Assiette fiscale</b>	Sehatra ampiharana ny famerana ny hetra, ny hetra fototra
<b>Assignment</b>	fiantsoana olona ho any amin'ny fitsarana (resaka trosa), famakiana ady alalan'ny vadin-tany
<b>Assigner</b>	Mampilaza hihatrika fitsarana
<b>Assimilation</b>	Fandraisana, fampitoviana, fampanantonana
<b>Assimilé</b>	Ny mitovy amin'ny zavatra iray
<b>Assistance</b>	Tantsoroka, fanampiana, mpanatrika
<b>Assistance humanitaire</b>	Fiahiana ny vahoaka latsaka ankaterena
<b>Assistance judiciaire</b>	Fanampiana ara-pitsarana
<b>Assistance technique</b>	Fanampiana ara-teknika, tantsoroka ara-teknika, fanohanana ara-teknika
<b>Assister</b>	Manome tantsoroka, manampy, manatrika
<b>Associatif</b>	Mampiombona
<b>Association</b>	Fikambanana
<b>Association bénévole</b>	Fikambanana ny mpilatsaka antsitrapo
<b>Association Internationale de Développement (AID)</b>	Fikambanana iraisam-pirenena ho an'ny fampanandrosoana
<b>Association mutualiste</b>	Fikambanan-kifanohanana

**Association professionnelle****Association professionnelle des établissements de monnaie électronique****Association Professionnelle des Institutions de Microfinance****Association reconnue d'utilité publique****Association structurée****Associativité****Associé****Assolement****Assouplir****Assouvi, satisfait****Assujetti****Assurance****Assurance accident scolaire****Assurance contre les accidents atteignant les personnes****Assurance cumulative****Assurance de construction****Assurance de groupe****Assurance de personnes****Assurance de responsabilité civile scolaire****Assurance des facultés****Assurance en cas de décès**

Fikambanana arak'asa

Ny fikambanana arak'asa iraisan'ny orinasa misahana ny vola elektronika

Fikambanana arak'asa aman-draharaha ny mpandraharaha arabola madinika

Fikambanana ekena ho mahasoany be sy ny maro

Fikambanana misy rindrandamina

Fampiombonana

Mpiombon'antoka

Fampifandimbiasam-boly

Manatsotra, manalefaka

Afa-po

Iharan'ny lalàna mifehy ny hetra, mandoa haba, iharan'ny lalàna ara-ketra

Fiantohana, toky, antoka

Fiantohana ny loza tampoka any am-pianarana

Fifanekem-piantohana isorohana ny loza tampoka mety mahakasika olona

Fiantohana mitambatra

Fifanekem-piantohana fananganana trano, fiantohana ny fanorenana

Fiantohana vondrona

Fiantohana mahakasika ny olona

Fiantohana ny adidy aman'andraikitra sivily arapianarana izay miaro ny mpianatra

Fiantohana entana taterina

Fiantohana noho ny fahafatesana

**Assurance indicielle****Assurance individuelle****Assurance maladie****Assurance mutualiste****Assurance numérique****Assurance obligatoire****Assurance qualité****Assurance responsabilité civile****Assurance responsabilité civile  
décennale****Assurance Tous Risques****Assurance tous risques chantiers****Assurance vie****Assurances crédit****Assurances sociales****Assuré****Astreint****Atelier****Atmosphère****Atout****Atrophie****Attaché de presse****Attachement****Attaque (sécurité informatique)****Atteinte (de)****Atteinte des objectifs****Attentat à la pudeur**

Fiantohana ara-maridrefy

Fiantohana isam-batan'olona

Fiantohana momba ny tsy  
fahasalamana

Fiantohana ifampitsimbinana

Fiantohana nomerika

Fiantohana tsy maintsy hatao

Fiantohana kalitao

Fiantohana ny andraikitra sivily

Fiantohana ny andraikitra sivily  
mandritra ny folo taonaFiantohana amin'ny loza mety  
hitranga rehetraFiantohana loza rehetramety  
hitranga amin'ny toerana  
fanorenana

Fifanekem-piantohan'aina

Fiantohana trosa

Fiantohana ara-tsosialy

Iantohana, olona iantohana

Voatery, sazy (rahom-bola), sazy  
ara-bolaAtrik'asa, toeram-panaovana asa-  
tanana, fikaonandoha, sahanasa,  
trano fiasana

Rivotra iainana

Tanjaka, tombony, tombon-kery

Fifintinana

Mpanao gazety voatokana

Fifamatorana

Famelezana, fanafihana

Fahatratrarana, fahazoana,  
fanohintohinana, fahavoazana

Fanatrarana tanjona

Fanaovana fihetsika mamafady  
ampahibemaso

<b>Atténuation</b>	Fanalefahana, fampihenana, fanamaivanana
<b>Atténuer</b>	Manalefaka, mampihena, manamaivana
<b>Attestation</b>	Taratasy vavolombelona, taratasy fanamarinana, taratasy porofo
<b>Attestation d'assurance</b>	Taratasy fanamarinam-piantohana
<b>Attestation d'aptitude</b>	Taratasy fanamarinana fahafahamano
<b>Attestation de caractéristiques</b>	Filazàna antsipirihany ny mombamomban'ny fiara
<b>Attestation de destination</b>	Taratasy fanamarinana toerankaleha
<b>Attestation de mutation d'immeuble</b>	Taratasy fanamarinana famindrana anarana maha tompon-trano
<b>Attestation de non attribution de logement administratif</b>	Taratasy fanamarihana amin'ny tsy fahafahana mampiasa ny tranom-panjakana
<b>Attestation de non interruption de service</b>	taratasy fanamarinana ny tsy fahatapahan'ny asa
<b>Attestation de non logement</b>	Taratasy fanamarinana ny tsy fipetrahana amin'ny tranompanjakana
<b>Attestation de non séparation de corps et de non divorce</b>	Taratasy fanamarinana tsy fisaraham-panambadiana sy miray trano
<b>Attestation de prise de service</b>	Taratasy fanamarinana ny fandraisana asa aram-panjakana, taratasy fanamarinana fandraisana asa
<b>Attestation de qualification</b>	Taratasy fanamarinana fahaizamano
<b>Attestation de refus</b>	Fanamarinana ny fandàvana
<b>Attestation de visite technique</b>	Fanamarinana fitsirihana ny fiara
<b>Attestation provisoire</b>	Fanamarinana vonjimaika
<b>Attester</b>	Manamarina, mitsangan-ko vavolombelona
<b>Attitude</b>	Fihetsika, toetra

**Attitude positive****Attitude réceptive****Attraper****Attributaire****Attribution****Attribution d'appel d'offres****Au bénéfice de doute****Au comptant****Au Départ****Au niveau de****Au Passage****Au porteur****Au sens du présent****Audacieux****Audience****Audience privé****Audience publique****Audience solennelle****Audiovisuel****Audit****Audit de l'organisation****Audit du système d'information****Audit externe****Audit interne****Auditeur**

Fihetsika tsara

Fihetsika afa-mandray

Misambotra, manatratra

Nahazo ny tsenambarotra

Andraikitra, anjara raharaha

Fanomezana iantsoana hana  
tobibidy

Noho ny fisalasalàna

Tolo-botsotra, inty sy nday

Toerana fiaingana

Eo anivon'ny

Toerana fandalovana

Amin'ny anaran'izay mitondra  
azy

Araka ny hevitr'ity

Sahy, sahisahy

Fihaonana, fitsarana, fotoam-  
pitsaranaTamin'ny fotoam-pitsarana tsy  
ampahibemaso

Fotoam-pivoriana ampahibemaso

Fotoam-pitsarana manetriketrika

Haino aman-jery

Fanaraha-maso ombam-  
panamarinana, fanamarinana,  
fanombanan-draharaha, fitsirihana  
Fitsirihana fanamarinana ny  
fandaminanaFitsirihana ny rafitra fampitana  
ara-kajy mirindraFanaraha-maso ombam-  
panamarinana avy any ivelanyFitsirihana fanamarinana anatiny,  
fanaraha-maso ombam-  
panamarinana ao anatinyMpanomban-draharaha,  
mpanamarinana

**Augmentation****Augmentation de capital social****Augmentation de solde****Augmenter****Auparavant****Autarcie****Authenticité****Authentification****Authentifier****Authentique****Auto évaluation****Autoconsommation****Auto-estime****Auto-évaluation****Autofinancement****Autonome****Autonomie****Autonomie administrative et financière****Autonomie de gestion****Autonomie Financière****Autonomie financière****Autonomie Locale****Auto-organisation****Auto-promotion**Fanondrotana, fisondrotana,  
fitomboana, fampitomboana

Fanondrotana ny renivola

Fisondrotan-karama

Mitombo, mampitombo,  
misondrotra, mampisondrotra,  
manitatra

Teo aloha

Tena ampy

Fahamarinana

Fanamarinana

Manamarina

Voaporofa fa marina, voamarina,  
tena izy, manaporofa ny maha-  
tena izy na ny maha- tompony,  
marina, tena izy

Fanombanana ny tena

Fanjifam-bokatra

Hasin-tena

Tomban-tena

Famatsiam-bola zakain'ny tena  
samirery, famatsim-bola tena  
Mahazaka tena, mizaka tena,  
mahaleo tena

Fizakan-tena

Fahaleovan-tena eo amin'ny  
fitondran-draharaha sy fitantanam-  
bola, fizakan-tena ara-pitantanana  
sy ara-bola

Fizakan-tena ara-pitantanana

Mahatapa-tena ara-bola, fizakan-  
tena ara-bola

Fizakan-tena ara-bola

Fizakan-tena ifotony

Fandrindram-piainan'ny tena

Fifampivoarana



**Auto-protéger (s')****Autorisation****Autorisation d'engagement****Autorisation d'engagement****Autorisation d'abonnement****Autorisation d'absence****Autorisation d'alignement****Autorisation de la commission des impressions administratives****Autorisation de programme****Autorisation d'engagement****Autorisation d'engagement ouvert****Autorisation d'orpillage****Autorisation du garage administratif****Autorisation parlementaire****Autorisations exclusives de réservation de périmètres****Autoriser****Autorité****Autorité administrative****Autorité budgétaire**

Miaro tena

Fanomezan-dalana, alàlana,  
alàlana fanomezan-dàlanaFanomezana alalana hiroso  
amin'ny fandania

Alàlana handraikitra fandania

Alàlana amin'ny famandrihana

Fahazoan-dalana tsy hiasana,  
fahazoan-dalana hanapaka  
amin'ny asa, fahazoan-dalana  
hanapaka asaFanomezana alalana hamangitra  
tanyFanomezan-dàlana avy amin'ny  
vaomiera manokana fanontana  
taratasin'asam-panjakana

Alalana amin'ny fandaharan'asa

Alalana handraikitra fandania

Alalana handraikitra fandania  
malalakaFanomezana alalana hitrangraka  
volamenaFanomezan-dàlana avy amin'ny  
tobim-piantsonana ny  
fiarakodiam-panjakanaFanomezan-dàlana avy amin'ny  
mpikambana ao amin'ny fahefana  
mpanao lalànaFanomezan-dalana manokana  
hanokana faritra

Manome alàlana

Manamahefa, Manam-pahefana,  
fifehezana, fahefana, Ihibe,  
mpanapaka, mpifehy, lehibe  
mpanapaka

Manampahefana ara-pitondrana

Manam-pahefana miandraikitra ny  
tetibola

**Autorité compétence**Mpiandraiki-draharaha mahefa,  
manampahefana mahefa**Autorité contractante**Manampahefana manao  
fifanarahana, manamahefa  
mpandraiki-barotra**Autorité de contrôle**Manam-pahefana eo amin'ny  
fanaraha-maso**Autorité de réglementation**

Manampahefana mpanao fitsipika

**Autorité de Régulation des  
Marchés Publics (ARMP)**Manam-pahefana mpandrindra ny  
fifampiraharham-barotraifanaovana amin'ny fanjakana,  
manamahefa mandrindra ny  
tsenambarom-panjakana, manam-  
pahefana misahana ny  
fandrindrana ny tsenam-panjakana**Autorité de supervision**

Manampahefana mpanaramaso

**Autorité disciplinaire**Fahefana hanasazy ara-pitsipi-  
pifehezana**Autorité judiciaire**

Manampahefana ara-pitsarana

**Autorité politique**Manam-pahefana misahana  
andraikitra ara-politika**Autorité publique**

Manam-pahefana ara-panjakana

**Autorités de Régulation des  
Marchés Publics (ARMP)**Manam-pahefana mpandrindra ny  
tsenambarom-panjakana**Autorités de tutelle budgétaire**

Ambaratonga mpiahy ara-bola

**Autorités de tutelle technique**

Ambaratonga mpiahy

**Autorités locales**Manampahefana eo an-toerana,  
manampahefana ifotony**Autorités Supérieures**

Manam-pahefana ambony

**Autosuffisance**

Fahavitan-tena

**Autour**

Manodidina

**Autre acte translatif de propriété  
ou d'usufruit de bien immeubles à  
titre onéreux**Fanekena hafa misy setriny  
mamindra tanana fahazakana  
manana, na fizakam-bokatry ny  
(tany aman-trano) fananana  
mifaka

**Autres actes translatifs de propriété ou d'usufruit de bien immeubles à titre onéreux**

Fanekena hafa misy setriny, mamindra tanana fahazakana manana, na fizakambokaty ny (tany aman-trano) fananana mifaka

**Autres créances nettes sur l'Etat**

Vola hafa nampisamborina ny fanjakana

**Autres opérations nettes du Trésor (AONT)**

Fampisam-bola hafa ataon'ny tahirim-bolam-panjakana (afa-karatsaka)

**Autres poste nets**

Kitapo hafa afa-karatsaka

**Autres recettes fiscales**

Vola miditra avy amin'ny hetra hafa

**Autres services**

Raharaha hafa

**Aux termes de...**

Araka ny ...(andininy)

**Auxiliaire des percepteurs**

Mpanampy ireo mpitaky hetra (percepteurs principaux)

**Auxiliaire des percepteurs principaux**

Mpanampy ireo percepteurs principaux

**Aval**

Am-parany, antoka, fankatoavana

**Avance (de trésorerie)**

Vatsim-bola

**Avance forfaitaire**

Vatsim-bola raikitra

**Avance sur salaire**

Fakana tambin-karama mialoha ny fotoana

**Avance(s)**

Ampaham-bola alaina mialoha, vodiondrim-barotra, avansy, vatsim-bola, vola voaray mialoha

**Avancée**

Fandrosoana

**Avancement**

Fiakarana galona, fiakarana grady

**Avancement de classe**

Fisondrotana kilasy

**Avancement d'échelon**

Fisondrotana antanan-tohatra, fandrosoana dingana

**Avances (de trésorerie)**

Vatsim-bola

**Avant**

Teo aloha, mialoha

**Avant dire droit (jugement)**

Savaravina (didy)

**Avant dire droit par**

Amin'alalan'ny savaravina

**Avant jugement**

Mialohan'ny didim-pitsarana

<b>Avant-projet détaillé</b>	Volavolan-tetikasa voatsinjara
<b>Avantage</b>	Tombontsoa, lafiny tsara
<b>Avant-dire-droit (jugement)</b>	Savaravina (didy)
<b>Avant-gardiste</b>	Mpisava làlana
<b>Avaries</b>	Fahasimbana
<b>Avaries communes</b>	Fahasimbana iombonana
<b>Avaries particulières</b>	Fahasimbana manokana
<b>Avec sursis</b>	(Sazy) mihantona
<b>Avenant</b>	Soso-panovana
<b>Avenant au contrat</b>	Soso-panovana, fanitsiana ny fifanarahana
<b>Avenants</b>	Soso-panovana
<b>Avertissement</b>	Fampitandremana, taratasy filazan-ketra
<b>Aveu</b>	Fieken-keloka
<b>Aviculture</b>	Fiompiana akoho amam-borona
<b>Avis</b>	Filazana, fanehoan-kevitra, hevitra, fampahalalana, fampandrenesana, filazana, tolo-kevitra
<b>Avis (n° ... HCC)</b>	Fanehoan-kevitra (Iaharana ... HCC)
<b>Avis conforme</b>	Fankatoavana, fanehoan-kevitra tsy maintsy arahina
<b>Avis d'échéance</b>	Fampahafantarana ny farafandoavana
<b>Avis d'attribution</b>	Filazana momba ny fanomezana
<b>Avis de crédit</b>	Taratasy milaza fidiram-bola, filazana sora-bola, taratasy mari-karama, taratasy milaza fivoaham-bola
<b>Avis de non objection des bailleurs de fonds</b>	filazana fanomezana alalana ny mpamatsy vola
<b>Avis de paiement</b>	Filazana fandoavan-ketra, filazana fandoavam-bola
<b>Avis favorable préalable</b>	Fankatoavana mialoha

<b>Avis motivé</b>	Fanehoan-kevitra anomezana antony
<b>Avis officiel(s)</b>	Filazàna ofisialy
<b>Avitaillement</b>	Famatsiana solika sambo sy fiaramanidina
<b>Avocat</b>	Mpisolo vava, mpiaro, mpampanao
<b>Avoir extérieurs nets</b>	Fananana ara-bola any ivelany afa-karatsaka
<b>Avoir intérieurs</b>	Fananana ara-bola anatiny
<b>Avoir(s)</b>	Fananana ara-bola, vola tahiry
<b>Avoirs détenus à l'étranger</b>	Fananana tazonina any ivelany
<b>Avoirs extérieurs</b>	Fananana ara-bola any ivelany
<b>Avoirs extérieurs nets</b>	Fananana ara-bola any ivelany afakaratsaka
<b>Avoirs intérieurs</b>	Fananana ara-bola anatiny
<b>Avoirs intérieurs nets</b>	Fananana ara-bola anatiny afa-karatsaka
<b>Axé</b>	Mitodika, miompana
<b>Axe d'intervention</b>	Lafin-kevitra iompanan'ny asa, ivon-kevitra iompanan'ny asa
<b>Axe stratégique</b>	Tezan- tetikady, teza stratejika, lafin-kevitra iompanan'ny paikady, ivon-kevitra iompanan'ny paikady, lalan'asa ombam-paikady
<b>Axe(s)</b>	Làlanasa, zotra, ivo
<b>Ayant droit</b>	Nanjoanina, olona manan-jo handova, olona heverina fa manan-jo na afaka mitaky zo, manan-jo
<b>Ayant pour conseil</b>	Naka ho mpanolon-tsaina

# B

<b>Badge</b>	Karatra famantarana
<b>Bail</b>	Fifanaraham-panofana
<b>Baillieur de fonds</b>	Mpamatsy vola
<b>Banlieue</b>	Toeram-ponenana ivelan'ny tanàna
<b>Banque</b>	Banky
<b>Banque Africaine de Développement (BAD)</b>	Banky Afrikana momba ny fampandrosoana
<b>Banque centrale</b>	Banky foibe
<b>Banque commerciale (net)</b>	Toe-danja afa-karatsaky ny banky (afa-karatsaka)
<b>Banque d'affaires</b>	Banky fandraharana
<b>Banque de données</b>	Tahirin'antontan-kevitra nomerika, tahirin'antontan-kevitra, tahirin-toro, tahirin'antontan-kevitra
<b>Banque Internationale pour la Reconstruction et le Développement (B.I.R.D.)</b>	Banky Iraisam-pirenena ho an'ny fanavaozana sy ny fampandrosoana
<b>Banque mondiale</b>	Banky iraisam-pirenena
<b>Banque mondiale</b>	Banky iraisam-pirenena
<b>Banque primaire</b>	Banky tsotra
<b>Banqueroute</b>	Bankiompitra
<b>Barème</b>	Mari-pandrefesana, rafi-marika, zara isa itsarana
<b>Barème de responsabilité</b>	Mari-pandrefesana andraikitra
<b>Baril</b>	Barika
<b>Barrage</b>	Tohadrano
<b>Barrière</b>	Sakana, fetra

**Base**Fototra, fiorenana, fototra  
iorenana, lasitra**Base (solde de base)**

Vatan-karama

**Base d'imposition**Fototra iorenan'ny hetra, fototra  
amerana ny hetra**Base de données**Angom-baovao, angon-toro,  
banky angona, tahirin-kevitra,  
antontan-kevitra**Base de Données relative aux  
véhicules administratifs**Antotam-baovao mikasika ny  
fiaram-panjakana**Base légale**

Fototra ara-dalana

**Base solde de base**

Vatakarama

**Base taxable**

Fototra amerana ny haba

**Bassin**

Lemaka

**Bassin d'amortissement**

Dobo fampihenana herin-drano

**Bassin de décantation**

Dobo fanadiovan-trano

**Bassin versant**Lemaka miangon-drano,  
Sahandriaka**Bâtiments**

Tao-trano, trano

**Bauxite**

Akorambiraty, alorambiraty

**Bénéfice**

Tombombarrotra, tombontsoa

**Bénéfice imposable**

Tombony hakana hetra

**Bénéfice net**

Tombony afa-karatsaka

**Bénéfices**

Tombony

**Bénéficiaire**

Mpahazo tombontsoa, mpisitraka

**Bénéficiaires éligible**

Mpisitraka voafantina

**Bénéficiaires ou ayants-droits**

Mpisitraka

**Bénévolat**

Asa an-tsitra-po

**Bénévole**Tsy mandray karama, tsara sitra-  
po**Besoin**

Filàna zavatra ilaina

**Besoin à but lucratif**

Filàna mikendry tombotsoa

**Besoin de financement**Filàna ara-bola, filàna famatsiam-  
bola, filàna vatsim-bola**Besoin d'intégration**

Filàm-piombonana

**Besoin fondamentaux**

Filàna fototra

<b>Besoin nutritif</b>	Filàna mahavelona
<b>Besoin physiologiques</b>	Filàna fiziolojika
